

TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ANY AMIN'NY VONDROM-PARITRA IFOTONY

DINGANA FAHA: 5

FIRENENA : MADAGASCAR

KAOMININA BEMASOANDRO ITAOSY

DATY: 17-18-19-20 SEPTAMBRA 2013

TOERANA: SALLE D'OEUVRE Kaominina Bemasoandro teo aloha

FIZAHAN-TAKELAKA

FAMPIDIRANA.....	3
TANTARA.....	4
FIZOTRY NY ATRIKASA.....	5
FAMPIASANA SY FAMPIHARANA	6
HEVITRA NIVOAKA NANDRITRA NY ADY HEVITRA	7
ANNEXE.....	8-12
DRAFITR'ASA	Error! Bookmark not defined.
TOMBANA.....	50-52

FAMPIDIRANA

Ny Talata 17 Septambra 2013 ka hatramin'ny 20 Septambra 2013 dia tafavory tao amin'ny SALLE D'OEUVRE Kaominina Bemasoandro teo aloha ny mpiatrikasa momba ny fametrahana ny miralenta aty amin'ny vondrom-bahoakam-paritra ifotony teto amin'ny Kaominina BEMASOANDRO ITAOSY .Ny tanjon'ny fanohizana ny atrikasa dia tohin'ny fametrahana ny Kaominina Bemasoandro Itaosy ho ivon-toerana mendrika ivoizana ny miralenta ka hanohizana sy hanatanterahana ireo dingana efa natomboka.

Maro ireo mpandray anjara tonga nanatrika ny atrikasa. Anisan'izany ny solontena avy amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo mpianatra, ny tompon'andraikitra ara-pahasalamana sy fanabeazana, ny solontena avy eny anivon'ny fokontany, sy ireo fiaraha-monim-pirenena ary tompon'andraikitra ny fampandrosoana (mpamboly) sy solotenam-piangonana.

Ny anton'ny atrik'asa dia ho fampahafantarana sy fanatanterahana ny fampidirana fandaharam-piofanana hafa toy ny miralenta sy ny fampandroana ara-toekarena

Anisan'ny zava-dehibe nasongadina tao nandritra io atrik'asa io koa ny fanaovana drafitr'asa momba ny fametrahana ny miralenta eny ifotony sy ny ady amin'ny herisetra

TANTARA

Ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatry'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006 sy ny taona 2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny antsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Taorian'ny fanadihadiana dia hita fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny fotokevitra ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsainan'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Anisan'ny fomba mahomby indrindra dia ny fiarahana amin'ireo fikambanana miankina amin'ny Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambin'ny GENDER LINKS dia ny mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitomboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Koa satria atrikasa vaovao indray no atrehina dia nisy ny famerenana ny dingana natao teo aloha. Ireto avy no lohahevitra nohadihadiana tamin'izany :

- Genre et sexe, Stéréotype
- Genre et Gouvernance
- Ny teti-bola
- Ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy
- Ny fandravonana ady sy disadisa
- ny fahazahoan'ny mpiatrika ny momba ny filàna fototra andavan'andro sy ny filàna maharitra mila paikady.
- Ary farany dia ny fanombohana sy fanazavana ny hanaovana ny drafitrasa kaominaly manohina ny miralenta

Rehefa izany dia nozaraina ho vaomiera telo ny mpizaika ka nomena "canneva" ohatra misy ny drafitrasa mba hakany lesona ka nikatroka avy eo; nisongadina manokana ny tao amin'ny momba ny raharaha sosialy satria dia nahitana tanora sy vehivavy maro nandray anjara ka nijerena ny olana ifotony miantraika amin'ny vahoaka. Niasa avy hatrany tamin'ny alalan'ny solosaina izy ireo ka dia nizotra antsakany sy andavany ny fananganana ny drafitrasa ho fampandrosoana ny Kaominina araka ny nahitana sy niainan'izy ireo an'izany.

FAMPIASANA SY FAMPIHARANA

Niainga tamin'ny dinidinika sy resadresaka ny fampiofanana ary nitohy tamin'ny fanontaniana ny hevitra ny mpizaika sy ny fampatsiahivana ny dingana vita teo aloha.

Niroso avy hatrany tamin'ny asa isam-baomiera mba ahafantarana marina ny olana misy eny ifotony momba ny miralenta sy ny fampandrosoana . Taorian'izay dia nanomboka ny drafitr'asa kaominaly nataon'ireo mpizaika isam-baomiera. Ny namaranana ny atrikasa dia famintinana isaky ny solotenan'ny tarika tsirairay.

Rehefa natao ny ady hevitra maro samihafa dia resy lahatra ny rehetra ka nananganana komity miralenta nomena ny anarana hoe "FIKAMBANANA MIVOY NY MIRALENTA BEMASOANDRO" (F.M.M.B). Niroso tamin'ny fifidianana ireo izay ho mambra ao amin'ny birao mpitantana, ary ny sisa rehetra dia mpikambana ka hikarakara ny fampijoroana io fikambanana io ho ara-dalàna ara-panjakana.

HEVITRA NIVOAKA NANDRITRA NY ADY HEVITRA

Maro ireo hevitra nivoitra nandritra ny fiofanana. Anisan'izany :

- Ny resaka momba ny sosialy sy fivoarana ara-piarahamonina izay miantraika mivantana amin'ny vahoaka, toy ny rano sy jiro, fahasalamana, fanabeazana, fitsaboana
- Nisongadina koa ny teo amin'ny lafiny tanora sy fanatanjahantena fa indrindra ny hananganana ny fikambanana Miralenta izay noheverin'izy ireo fa hanamora ny fanantanterahana ny asa ataony sy hanatrarana ny tanjona 50/50 amin'ny taona 2015.

Manoloana izany asa miandry izany dia manana andraikitra goavana ny kaominina ka narafitra ny drafitrana hiasan'ny kaominina mba hanamaivanana sy hamahana ireo olana hita.

ATELIER D'ELABORATION DE PLAN D'ACTION SUR LE GENRE ET LA LUTTE CONTRE LE VBG
Pays: MADAGASCAR
Commune: RURALE DE BEMASOANDRO
Lieu: Salle d'œuvre Commune Bemasoandro teo aloha
Date: 17 au 20 Septembre 2013
PROGRAMME

Horaire	Thèmes	Qui?
JOUR 1		
08h30-9h	Accueil des participants	Formateur GL
09h à 10 h	Introduction et ouverture - Présentation du projet GL(historique, activités) - Présentation du processus COE Discours des autorités - Adjoint au Maire	
10h - 10h 15 PAUSE CAFE		
10h15 – 10h30	Présentation des participants Présentation du Projet (objectifs,résultats attendus) Présentation du programme Norme de l'atelier	Tous les participants
10h30 – 12h30	Genre ,Sexe ,Stéréotype Instruments internationaux,nationaux ;régionaux relatifs au genre et développement	Formateur GL
12H30-14H DEJEUNER		
14h-15h 30	Genre et gouvernance cadrage et exposé :méthodologie ACCES-PARTICIPATION-CHANGEMENT	Formateur GL
15h30 – 16h30	INTRODUCTION BUDGET SENSIBLE AU GENRE	Formateur GL
JOUR 2		
8h30 -8h45	RAPPEL DU JOUR 1	Tous les participants ET formateur GL
8h45-9h30	BUDGET SENSIBLE AU GENRE	FORMATEUR
9h30-10h30	DEVELOPPEMENT ECONOMIQUE LOCAL	Formateur

10H30 - 10H45 PAUSE CAFÉ		
10h45 -11h30	CHANGEMENT CLIMATIQUE	Formateur
11H30-12h30	VBG	Formateur
12h30-14h Déjeuner		
14h-15h30	GESTION DE CONFLITS	Formateur
15h30 – 16h30	Besoins pratiques et besoins stratégiques	Formateur
JOUR 3		
08h30-8h45	RAPPEL DU JOUR 2	
08h45-9h30	Cadrage relatif à l'élaboration du plan d'action Répartition du groupe	formateur
09h30-10h30	Elaboration plan d'action	Participants et formateur
10h30-10h45	PAUSE CAFE	
10h45-12h30	Elaboration plan d'action	Participants et formateur
12h30-14h	DEUJENER	
14h-16h 30	Elaboration plan d'action	Participants et formateur
JOUR 4		
08h30-08h45	RAPPEL DU JOUR 3	
08h45-10h00	Elaboration plan d'action	Participants et formateur
10h00-10h15	PAUSE CAFE	
10h15-12h30	Restitution de chaque groupe	Participants et formateur
12h30-14h00	DEUJENER	
14h00-14h30	Evaluation, carte de score,études des attitudes,QUIZ	PARTICIPANTS
A partir de 14 h 30	Présentation et restitution du plan d'action Cérémonie de clôture	Autorités,(Maire) Formateur participants



Dingana: V et VI

Firenena : MADAGASIKARA

Toerana : Salle d'Oeuvre Commune Bemasoandro teo aloha

Daty: 17 Septambra ka hatramin'ny 20 Septambra 2013

FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
01	RAFARALAHY Paul	L	BEMASOANDRO	Gendarme	033 06 329 71	
02	RANDRIANIAINA Felix	L	BEMASOANDRO	Mpianatra	033 28 331 97	felixrandrianiaina@yahoo.fr
03	RAHARIMALALA Vololoniaina Julie	V	BEMASOANDRO	Stagiaire Commune		
04	ANDRIANJATO Fabien	L	BEMASOANDRO	Mpianatra		
05	RASOAMANARIVO Lili Paquerette	V	BEMASOANDRO	Mpivarotra		
06	RAKOTONIRINA Solofoniaina	L	BEMASOANDRO	Mpianatra	033 83 196 57	
07	RAZANAKOTO Nomenjanahary Faniriniaina	V	BEMASOANDRO	Secrétaire FKT	033 08 157 62	
08	RAKOTOARISOA Jean	L	BEMASOANDRO	Trésorier FKT	033 19 995 92	
09	RAKATROARILALA Robertine	V	BEMASOANDRO	Chef FKT Antanety	034 19 110 95	

10	RAKOTOARISOA Jean Antsa	L	BEMASOANDRO	Mpianatra		
11	SOLOVOAHANGY NIRINA Lalao Henriette	V	BEMASOANDRO	Artiste	033 72 577 06	
12	RAZANAKOLONA Jean de Dieu	L	BEMASOANDRO	Retraité Rep FG	033 12 192 29	
13	RAMANAMIHANTA Julien	L	BEMASOANDRO	Mpanabe	033 12 345 76 034 31 558 17	Ramanamihanta.ju lien@hotmail.fr
14	RANDRIANARISON Faniry Cynthia	V	BEMASOANDRO	Sage-femme	033 21 907 11	
15	RANDRIANATOANDRO	L	BEMASOANDRO	Agent de santé	033 06 991 50	
16	RASANDISON Narisy	L	BEMASOANDRO	Agent de sécurité	033 85 504 79	
17	RADOANDRIANARISON Fanjaniaina	V	BEMASOANDRO	AUE Bemasoandro	033 29 179 76	
18	RATSIMANOSY Tokiniaina	L	BEMASOANDRO	Mpampianatra		
19	VAHINIAINA Solofonomenjanahary Yvette Nadia	V	BEMASOANDRO	Présidente Association	033 19 583 41	
20	RAZAFIMALALA Berthine	V	BEMASOANDRO	Fiangonana Katolika	034 84 930 81	
21	RAZANADRASOA Marie Josephine	V	BEMASOANDRO	FIVEMA AMBOHIDAHY	033 08 068 80	
22	RAKOTONDRASOA Justin	L	BEMASOANDRO	Chef FKT Bemasoandro	032 61 929 15	
23	RASOLONIAINA Desiré	L	BEMASOANDRO	Vice-Président Association Affami	033 62 470 96	

24	RANDRIANASOLO Jean Joseph	L	BEMASOANDRO	Mpamboly	033 12 870 69	
25	RAHARISOA Francine	V	BEMASOANDRO	COSAN	033 21 135 76	

Stat:

Lahy	14	56%
Vavy	11	44%
TOTAL	25	100%

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoina :

- **Iza** – sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?
- **Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana** – inona no iaingana, valio ireo fanontaniana?
- **Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra**– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany, valio ireo fanontaniana?
- **Rahoviana** – Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?
- **Teti bola** – Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA						
Fanamafisana ny fampiharan'ny kaominina ny momban'ireo fanekena izay nataon'ny firenena eo amin'ny sehatra nasionaly, faritra, na iraisam-pirenena, indrindra momba ny Fifanarahana ny Faritra Atsimon 'i Afrika momba ny miralenta sy fampandrosoana.	Manao famelabelaran-kevitra lehibe momba ny miralenta sy fampandrosoana eo anivon'ny kaominina iarahana amin'ny hery velona rehetra izay ialohavan'ny fanentanana	Ny Kaominina Mpanolontsaina Ireo olona nahazo fiofanana Ong Gender Links	Tsy ampy ny fampahafantarana ny miralenta sy ny fenitry ny SADC	Fantatry ny kaominina ny momba ny miralenta sy ny fampandrosoana ary hampihariny ity drafitrasa ity Manakaiky ny 80% ny fahafantaran'ny Kaominina ny Miralenta sy ny Fampandrosoana	Fin Oktobre 2013 →fin Jan 2014 3 Volana	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fahazoan'antoka fa voizina eo amin'ny kaominina ny momba ny miralenta ary ampiaharina izany.	Fiadiana mafy ho an'ny fampiroboroboana sy fampiarana ny politika ny miralenta eo anivon'ny kaominina	Ny Kaominina Mpanolontsaina Ireo olona nahazo fiofanana	Tsy fahampian'ny fampahafantarana sy ny fivoizana ny miralenta	Mitombo ny isan'ny vehivavy tompon'andraikitra eto anivon'ny kaominina sy ny fokontany +30%	Jan 2014 →Fev 2014	
Ny Politika mifototra amin' ny miralenta dia vaindohan draharahan 'ny kaominina ary misy fikambanana ho loha laharana amin'izany.	Fananganana fikambanana faran'izay haingana eo anivon'ny kaominina hampihatra ny miralenta Fampiofanana ireo mpanolontsaina fototra momba ny miralenta .	Ny Kaominina (Mpanolontsaina) Ireo olona nahazo fiofanana Distrika Gender Links Fikambanana	Tsy ampy ny fiofanana sy ny fahalalan'ny mpanolontsaina momba ny miralenta	Mijoro ny fikambanana Mampihatra ny miralenta	Fev 2014→Avr2014	

I. FITANTANANA

Representation

Fampitombona ny isan'ny vehivavy mpanolontsaina amin'ny fifidianana manaraka mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy eo amin'ny kaominina	Fanentanana ireo antoko politika na fikambanana mandrotsaka olona hofidiana mba ho vehivavy no loha lisitra indrindra ho amin'ny mpanolontsaina (50/50 ny lahy sy vavy)	Ny Fikambanana miralenta Ny lehiben'antoko sy Fikambanana Ny kaominina Ny mpitondra	Tsy ampy ny vehivavy mandray andraikitra indrindra ny mpanolontsaina	Mitombo ireo vehivavy tompon'andraikitra eo anivon'ny kaominina 50%	Mandat iray	
---	---	--	--	---	-------------	--

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
alohan'ny taona 2015. Fahazoana antoka fa mitovy ny isan'ny mpanolontsaina vavy sy lahy eo amin'ny kaominina noho ny fandresen dahatra natao hampiharana ny quota 50/50.	Fandresen-dahatra mba hitovy ny isan'ny vavy sy lahy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra eo anivon'ny komity mpanatanteraka na filankevitry ny kaominina, sns	Gender Links Vehivavy mpanao politika Mpitondra	Tsy fanajana ny miralenta	50%	Avr2014	
	Fahazahoana antoka fa misy ny fifandanjana ny isan'ny lahy sy vavy eo amin'ny komity na rafitra rehetra eo amin'ny kaominina.	Gender Links Fikambanam-behivavy	Tsy fanajana ny fifanarahana nosoniavina sy tsy fampiharana ny fenitry ny SADC (Beejing)	100%	Avr 2014	
Fahazoana antoka fa voasolontena ara-drarin'ny mitovy amin'ny lahy ny vehivavy ao amin'ireo seham-pitarohana ao amin'ny kaominina	Fanangonana sy fanavaozana ny antontan'isa mikasika ireo vehivavy mpitarika eo amin'ny fitondrana ifotony ka anisan'izany ireo mpitantana sy ireo komity hafa ary ny fikambanana.	Ny Fikambanana miralenta Ny mpanatanteraka Ny mpanolotsaina	Tsy ara-drarin'ny ny fandraisana mpiasa izay manome vahana ny lehilahy Tsy fanajana ny fenitry ny SADC ; Beejing	Mitombo isa ny vehivavy mitantana sy mandray andraikitra Manakaiky ny 50/50	Mai 2014 → juin 2014	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fandraisan anjara						
Fampitomboana ny fandraisan'anjara ny vehivavy satria ny filan'izy ireo dia matetika lasa ankilabao na saron'ny filana na tanjon'ireo antoko politika.	Fampandraisana anjara ny vehivavy amin'ireo fivoriana atao'ny kaominina.	Mpanao politika Fikambanana Ong Fikambanana miralenta Kaominana Fkt	Tsy fandraisan'ny hafa ny hevitra ny vehivavy indrindra fa ireo mpanao politika	Afaka maneho hevitra malalaka ny vehivavy Henoina sy raisina ny hevitra ny vehivavy		
	Fananganana tambajotra ho amin'ny fiaraha- miasa miaraka amina vondrona nasionaly, na provinsialy	PTF ONG Fikambanana miralenta	Tsy fisia'ny fihaonana hahafahana mifampizara tsaikefa Tsy ampy serasera	Misy fihaonana tampony 50%	Décembre 2013	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	hafa	Syndicat d'initiative				
	Famporisihana ny vehivavy handray anjara teo amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Kaominina	PTF	Natao ankilabao ny filàn'ny vehivavy	100%		
Manofana ny vehivavy eo anivony kaominina mba afahan'izireo mijery ny zavatra rehetra mikasika ny vehivavy	Fijerena ny traikefa ananan'ireo vehivavy mpitondra ao anatiny kaominina	Ny Fikambanana miralenta Ny Kaominina Ny fanjakana , PTF	Tsy fahafantaran'ny vehivavy fa manan-danja izy eo anivon'ny fiarahamonina sy ny kaominina	Mahazo hasina sy sehatra ny vehivavy 80%	Juil 2014	
	Fampidirana ny fampianarana ho an'ireo mpitondra vaovao eo anivon'ny kaominina na lehilahy na vehivavy	Ny Fikambanana miralenta Ny Kaominina ONG Gender Links	Tsy manana traikefa ireo mpitondra vaovao	Mahazo fahalalana sy fahaizana 50%	Juil 2014 4 J	
Manofana ny lehilahy eo anivon'ny kaominina momba ny miralenta ary manentana azy ireo mba hanohana ny miralenta	Manofana fanofanana momban'ny miralenta ho an'i lehilahy sy vehivavy eo anivon'i kaominina	Ny Fikambanana miralenta Ny Kaominina ONG	Tsy te hahalala ny miralenta izy ireo ary tsy manaiky ho ambanin'ny vehivavy	Mazoto ny lehilahy ary manaja sy mandray ny vehivavy	Juil 2014 6 J	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fampidirana ny fampianarana ho an'ireo mpitondra vaovao eo anivon'ny kaominina	Manao fifampiresahana arak any fotoana maha mety azy momba ny miralenta ny eo anivon'ny kaominina.	Ny Fikambanana miralenta Ny Kaominina ONG	Tsy fahampian'ny traikefa	Tsapan'ny tsirairay ny hasarobidin'ny miralenta 100%		
Fandraisana anjaran'ny vahoaka						
Fahazoana antoka fa ny vavy sy ny lahy dia mandray anjara mitovy eo amin'ny raharaha eo anivon'ny fitondrana ifotony.	Fanangonana, fikarohana sy fanadihadihana tahirin-kevitra voasokajy araka ny maha lahy na vavy momba ny kaominina	Données de bases Ny Kaominina Ny Fikambanana miralenta ONG Médias	Tsy mitovy fitsinjaran-toerana eo amin'ny ny fandraisana andraikitra eny amin'ny fitondrana ifotony.	Mitovy ny isan'ny mpandray andraikitra eo amin'ny lahy sy ny vavy Mahazo tahirin-kevitra sy fikarohana voakajy 50%	Aout 2014	
Manabe, manaparitaka ny vaovao sy izay tokony ho fantatra momba ireo raharaha na zavatra miantraika mivantana amin'ny vehivavy toy ny fikarakarana ifotony, jiro sy rano, trano fonenana, sns	Famporisihana ny lehilahy andray anjara amin'ny fivoriambe-pokonolona sy momba ny raharaha izay heverina ara-pahazarana fa natokana ho an n'ny vehivavy ihany.	Ny Fikambanana miralenta Ny Kaominina ONG Sojabe Sefo pokontany	Tsy mazoto ny lehilahy amin'ny fivoriana miresaka ny momba ny vehivavy Fomba raiki-tapisaka Tsy ampy serasera	Mitombo ny lehilahy mahatsapa ny mandray anjara ary mihevitra ny amin'ny fanampiana ny vehivavy 50%	Sept 2014	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
		Médias Fivoriambem-pokonolona				
II. LAMIN'ASA						
Fahazoana antoka fa ny lamin'asa novinavinaina momba ny miralenta sy ny fanomezana ny fikarakarana dia mizotra tokoa eo anivon'ny kaominina.	Fanangonanana ny mikasika ny zava misy avy amin'ireo vehivavy momba ny sakana , ny filana, ny irika sy ny famporisihana azy ireo ary ny fakana ny heviny eo amin'ny fandrafetana ny lamin `asa sy ny politika-na miralenta.	Kaominina Ny mpanolontsaina	Tsy fanatanterahana ny hevitra novinavinaina	Atsofoka ao anaty tetikasam-pampandrosoana	Sept 2014	
Fahazoana antoka fa voalaza mazava tsara ao anatin'ny tanjon'ny tetik'asa ny Kaomininana ny miralenta			Tsy mazava tsara ao anatin'ny tetikasam-pampandrosoana ny miralenta	Atsofoka ao anatin'ny tetikasam-pampandrosoana ny miralenta	OKT 2014	
Fahazoana antoka fa misy tondro zotra- na miralenta ao aminy teik'asa rehetra.	Fananganana tondrozotra ho an'ny miralenta		Tsy misy ny tondrozotra momba ny miralenta ao amin'ny tetikasa	Mihatra ny miralenta eo amin'ny sehatra rehetra		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fahazoana antoka fa nalaina ny hevitr'ireo vehivavy momba ny filany tamin'ny nadrafetana ny lamin'asa.	Fanitsiana sy fampitoviana tadin-dokanga ny vina sy andraikitra sahanin'ny kaominina mba ho azo antoka fa tena mitandro ny miralenta.		Tsy fiheverana ny hevitra ny vehivavy tamin'ny famolavolana ny laminasa	Nanjaka ny hevitra ny vehivavy tamin'ny fandrafetana ny laminasa 50%	OKT 2014	
	Fakana amin'ny fomba tsy mitanila ny hevitra ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fandrafetana ny lamin'asa.				OKT 2014	
	Ny antana-tohatra ny sampana rehetra dia tokony hisy tondro zotra mikasika ny miralenta ao antin'ny tetik'asa. business plans.				OKT 2014	
	Fanaovana fanadihadiana alohan'ny fandrafetana lamin'asa mba hamaritana mazava ny filana eo amin'ny vavy sy ny lahy				Fikambanana kaominina	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	Fanaovana fanadihadihana ny fahafahampon' ny mpanjifa ary fitisinjarana sy fanadihadihana izany araka ny maha lahy na vavy	Fikambanana kaominina	Tsy fahafaham-po sasantsasany indrindra eo amin'ny manan-draharaha araka ny maha lahy sy ny maha vavy	Miha liana sy manatona ny mpanjifa 80%		

III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY

Vonjy taitra

Fanomezana fahalalana sy fampahafantarana ny vehivavy, indrindra indrindra ireo vehivavy mpitantana tokantrano mipetraka amina trano tsy manara-penitra izay mety ho iharan'ny hay trano mety hamotika ny tranony sy ny antom-pivelomany.	Fanatanterahana fandaharanasa fampahafantarana sy fampianarana mikasika ny fisorohana ny hay trano, natao ho an'ny vehivavy.	Fikambanana kaominina	Tsy fahafantarana sy ny tsy fahalalany ny zon'ny vehivavy eo amin'ny tokantrano sy ny fiarovana izany	Mahalala ny zony izy Mahay miaro ny fananany <i>100%</i>	Okt 2014	
---	---	-----------------------	---	---	----------	--

Toe karena sy famoronana asa

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
Fanaovana izay hisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahana mahazo asa satria betsaka lavitra ny vehivavy tsy an'asa raha hoarina amin'ny lehilahy	Fanaovana atrikasa momba ny fahafahana mahazo asa	Kaominina Fikambanana miralenta	Fiheverana ny vehivavy ho tsy mahavita ny asa vitan'ny lehilahy	Mahavita ny asa tsarany vehivavy 100%	OKT 2014	
	Fampahafantarana ny vehivavy momba izay azony atao eo amin'ny fiharian-karena.	Kaominina Fikambanana miralenta	Tsy fahalalan'ny vehivavy ny asa tokony ho vitany	Amperinasa ny vehivavy		
Fahazoana tahirin-kevitra manavaka tsara ny lahy sy ny vavy mikasika ny habetsaky ny olona tsy an'asa amin'ilay tanàndehibe.	Fanaovana fanadihadina ary fanangonana antotanisa	Kaominina Fikambanana miralenta	Tsy ampy ny antotanisa momba ny tsy an'asa	Mivoaka ny antotanisa marina	OKT 2014	
Fanaovana izay hitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy miasa amin'ny/sehatra mifototra amin'ny fampahafantarana ny kaominina sy ny fokontany ao anatin'ny (Ny momba azy rehetra)	Fanamorana ny fivelaran'ny vehivavy sy ny fidiran'ny vehivavy ao amin'ny sehatr'asan'ny serasera.	Kaominina Fikambanana miralenta	Tsy misy izany dia vao hoforonina	Mitsangana ny ekipa momba ny serasera izay anjakan'ny miralenta		
Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy(Soumission et contraction d'appels d'offres)						
Fahazoana antoka ny amin'ny hananan'ny vehivavy tombontsoa mitovy eo amin'ny fomba fanolorana sy fahazoana tolo-bidy izay nanavahana	Fanatanterahana asa fanamarinana ao amin'ny kaominina miandraikitra ny tolo-bidy ary fijerena akaiky ny amin'ny fomba	Kaominina	Tsy fanomezana vidiny ny tolo-bidy natolotry ny vehivavy	Mahazo tolo-bidy ny vehivavy manao tolo-bidy		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
azy ireo hatramin'izay.	fanomezana isa					
	Fanamorana ny fandraisan'ny vehivavy mpandraharaha anjara bebe kokoa amin'ny alalan'ny hetsika fampahafantarana sy ny fanohanana azy ireo.	Kaominina	Tsy mora ho an'ny vehivavy ny manao hetsika fampahafantarana amin'ny fanohanana azy amin'ny fandraharahana	Mora ho an'ny vehivavy ny mikarakara hetsika 50%		
Famongorana ny fahantrana						
Famolavolana paikady mitsimbina ny miralenta mba hiatrehana ny fahantrana efa lalim-paka izay mahazo ny vehivavy, indrindra indrindra ny tokantrano tantanim-behivavy	Fanomanana paikady hampienana ny fahantrana, izay mampivoitra mazava tsara ny vehivavy sy ny tokantrano tantanim-behivavy	Kaominina Fikambanana miralenta	Tsy misy ny fitsimbinana sy ny laminasa nivohizana ny miralenta hamongorana ny fahantrana indrindra eo amin'ny tokantrano tantanam-behivavy	Mivoatra ny fiharian-karena 50%	NOV 2014	
	Famoronana antom-pivelomana maharitra mba hahafahana mamarittra izay ilaina sy	Fikambanana Findramam-bola madinika: OTIV,	Tsy afa-manitatra sy mamorona asa	Manana foto-pivelomana	DEC 2014	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	izay tokony hatao hanatsarana ny antom-piveloman'ny tokantrano sahirana sy ny tokantrano fadiranovana	CEFOR,...				
	Fanamorana ny fanatanterahana asa mampidi-bola, fanatsarana ny enti-manana anampiana ny vehivavy ary fanaovana asa fanaraha-maso	Fikambanana Findramam-bola madinika: OTIV, CEFOR,...	Tsy mora ho an'ny vehivavy ny mamorona asa mampidi-bola ary ny tsy fitadiavana ny enti-manana amin'ny fanaovana fanaraha-maso	Mahazo ny enti-manana hanatanterahana izany		
	Fametrahana fiaraha-miasa akaiky amin'ny VOI (VONDRON'OLONA IFOTONY) sy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana izay efa miara-miasa amin'ny tokantrano sahirana ary fanohanana azy ireo.	Fikambanana	Tsy ampy ny fiaraha-miasa eo amin'ny tokantrano sahirana sy fikambanana samihafa	Mifanampy ny fikambanana sy ny tokantrano sahirana ary mivoatra ity farany		
Fanohanana ny asa fandraharahana						
Fampiroboroboana ny fandraisan'ny vehivavy anjara eo amin'ny sehatry ny fandraharahana izay tsy	Fampifandraisana ny asa fandraharahana madinika sahanin'ny vehivavy amin'ny	Fikambanana Kaominina	Tsy ampy ny vehivavy mandray anjara eo amin'ny sehatry ny fandraharahana	Maro ny vehivavy mpandraharaha 50%		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
ahitana afa-tsy vehivavy vitsy dia vitsy	fahafahana mampiditra ireny asa ireny ho isan'ireo sehatr'asa mampandroso ny toe-karena	ONG Mpandraharaha				
	Fanapariahana fampahafantarana sy torohevitra mikasika ny fomba ahafahamihetsika eo amin'ny fiharian-karena, ataona tomponandraikitra misahana fampandehanana ny fifandraisana amin'ny vondrom-piarahamonina	Fikambanana	Tsy ampy fahalalana sy serasera ary ny ara-bola ahafahana mihetsika	Eny am-pelantanany ny vehivavy ny traikefa sy ny torohevitra	DEC 2014	
Fanamafisana ny fahaizamanao ananan'ny mpandraharaha vehivavy amin'ny alalan'ny fampitana fahaizamanao momba ny fandraharahana ho azy ireo sy fanohanana azy ireo	Fanamorana ny fampitomboana ny fahaizamanao, ny famatsiam-bola ary ny fanohanana eo amin'ny fandrarahana ho an'ny vehivavy sahirana	Fikambanana	Tsy fahampian'ny traikefan'ny vehivavy sy ny fanampiana	Mitombo ny traikefa ary lasa matihanina eo amin'ny fandraharahana		
Sehatr'asa tsy manara-penitra						
Fampiroboroana ny fitoviana eo amin'ny fahafahana miditra amin'ny tsenam-barotra	Fampifandraisana ny vehivavy amin'ny sehatr'asa mampandroso ny toe-	Fikambanana	Tsy mitovy sy tsy miroboro ny fahafahana miditra amin'ny tsenam-barotra	Samy mahazo tsenam-barotra mitovy ny lahy sy ny vavy 50%		

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
	karena					
Toeram-ponenana						
Fahazoana antoka ny amin'ny hisian'ny fitovian'ny fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy mahazo toeram-ponenana	Fanamarinana ny momba ny toeram-ponenan'ny lahy sy ny an'ny vavy; fametrahana tanjona ho an'ny fitsinjarana tsy mitanila; fijerena akaiky ireo tanjona ireo amin'ny alalan'ny fampiasana ireo iavahan'ny vehivavy sy ny lehilahy		Tsy fampitovian-jo ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fahazoana toeram-ponenana	Mitovy ny fizarana 50%		
	Fandraisan'ny kominina fepetra mba ho azo antoka fa hanan-jo sy hahazo anjara amin'ny irika fananan-tany sy trano ny vehivavy.		Tsy famohan'ny kaominina (lalàna kaominaly) mahakasika ny fizarana ny tany sy ny trano indrindra ho an'ny vehivavy	Mahazo ny anjarany ny vehivavy 100%		
Fanomezana vahana ny fitovian-jo ho an'ny vehivavy eo amin'ny fananan-tany	Fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy miroso hatrany eo amin'ny fahazoana fananan-tany.	Domaine Topo Enregistrement kaominina	Sarotra ny fikarakarana ny taratasin-tany indrindra ho a'ny vehivavy	Mora ny fahazoan'ny vehivavy ny taratasin-tany		
Fahazoana antoka ny amin'ny hisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahan'ny	Fanomezana fahalalana ny vehivavy mikasika ny fepetra mifehy ny	Kaominina	Tsy dia misy ny fanampiana ny vehivavy amin'ny resaka toeram-	<i>Mihatsara ny toeram-ponenan'ny vehivavy</i>	DEC 2014	

TANJONA FOTOTRA	ASA ATAO	TOMPONANDRAI KITRA	FOTOTRA IAINGANA	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	FE-POTOANA	TETI-BOLA
vehivavy mahazo fanampiana ara-bola avy amin'ny Fanjakana ho an'ny toeram-ponenana	fonenana sy mikasika ny fanomezan'ny Fanjakana fanampiana ara-bola ho an'ny toeram-ponenana	Fikambanana fanjakana	ponenana	100%		

DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY

Ny sehatra izay tokony ho fenoana :

- **Iza** – sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?
- **Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana** – inona no iaingana, valio ireo fanontaniana?
